

# Fitsapam-pahaizana momba ny fianarana seminera

FEBROARY 2018

# Fitsapam-pahaizana momba ny fianarana seminera

Navoakan’
Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Horaisina an-tanan-droa ireo fanamarihana sy fanitsiana. Azafady alefaso amin'ity adiresy ity izany:

Seminaries and Institutes of Religion Curriculum Services
50 East North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0008 USA
Email: ces-manuals@ldschurch.org
Mba soraty azafady ny anaranao feno, ny adiresinao, ny paroasy na sampana sy ny tsatòka na distrika misy anao.
Aza adino ny manoratra ny lohatenin'ilay boky torolalana rehefa manome ny fanamarihana ataonao ianao.

Azon'ny olona atao ny manonta ity boky ity raha ampiasainy ho an'ny tenany manokana sy tsy hitadiavam-bola (tafiditra ao anatin'izany ny fampiasany izany amin'ny antsony na ny andraikitra nomena azy ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany). Raha hampiasa izany amin'ny fomba hafa dia mangataha lalana ao amin'ny permissions.lds.org

© 2016, 2018 by Intellectual Reserve, Inc.
All rights reserved.
Natonta tany Etazonia
Fandikan-teny 3, 2/18

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 2/18
Fankatoavana ny Fandikana: 2/18
Fandikana ny *Seminary Learning Assessments*
Malagasy
PD60002566 654

# Votoatiny

Teny fanolorana . . . . . . . . . . v
Topimaso momba ny fitsapam-pahaizana . . . . . . . . . . vii
Fikarakarana ireo mpianatra manana fahasembanana . . . . . . . . . . ix
Tari-dalana . . . . . . . . . . 1
Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1–75 sy Joseph Smith—Tantara . . 3
Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76–Filazana Ofisialy 2 . . . . . . . . 5
Testamenta Taloha: Genesisy–Rota . . . . . . . . . . 7
Testamenta Taloha: 1 Samoela–Malakia . . . . . . . . . . 10
Testamenta Vaovao: Matio–Jaona . . . . . . . . . . 12
Testamenta Vaovao: Asan'ny apostoly–Apokalypsy . . . . . . . . . . 15
Bokin'i Môrmôna: 1 Nefia 1–Almà 16 . . . . . . . . . . 18
Bokin'i Môrmôna: Almà 17–Môrônia 10 . . . . . . . . . . 21

# Teny fanolorana

# Topimaso momba ny fitsapam-pahaizana

Ny fitsapam-pahaizana dia manampy ny mpianatra hahatakatra, hanazava, hampihatra ary hijoro ho vavolombelona momba ireo fotopampianarana sy fitsipika manan-danja. Ny fahavitana amim-pahombiazana ny fitsapam-pahaizana ho an'ilay taranja dia takina mba hahazoana ny isa tratrarina.

Amin'ny maha-mpampianatra na mpitantana anareo dia afaka miomana ianareo mba hanampy ny mpianatra hamita amim-pahombiazana ilay fitsapam-pahaizana amin'ny alalan'ny fijerena ilay horonan-tsary hoe "Fomba fanao tsara indrindra amin'ny fitsapam-pahaizana" (8:30) Rehefa mitaona ny fanahinareo ilay horonan-tsary dia avereno jerena sy vitaina ireo fizarana ao amin'ilay lahatsoratra hoe "Fomba fanao tsara indrindra amin'ny fitsapam-pahaizana."

Azonareo atao ihany koa ny manampy ny mpianatra hamita amim-pahombiazana ny fitsapam-pahaizana amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny fanamafisana ary ny famerenana tsy tapaka ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe ao amin'ilay taranja iray manontolo. Misy tari-dalana omena mba hanampiana ny mpampianatra sy ny mpianatra hamantatra ny sasany amin'ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe ao amin'ilay taranja.

Ny logiciel hanaovana ny fitsapam-pahaizana dia hanampy anareo hampanao fitsapam-pahaizana sy hanangona haingana ny valiny. Manana safidy roa ianareo hampanaovana fitsapam-pahaizana.

- **Ao amin'ny Internet.** Ity safidy ity dia hanome fahafahana ny mpianatra hampiasa solosaina na fitaovana finday mba hamitana ny fitsapam-pahaizana. Tonga dia voatsara avy hatrany ilay fitsapam-pahaizana, ary mahazo tatitra maneho ny isa azony sy ny fanontaniana tsy voavaliny ny mpianatra.
- **Atao printy.** Ity safidy ity dia hanome fahafahana ny mpianatra hampiasa taratasy sy pensilihazo mba hamitana ny fitsapam-pahaizana. Ny taratasy firaketana ny valim-panontaniana tsirairay dia manana mari-tsoratra famantarana manokana ho an' ny mpianatra tsirairay. Ataovy scan ireo taratasy firaketana ny valim-panontaniana dia ho voatsara ho azy izy ireo.

Rehefa voatsara ilay fitsapam-pahaizana dia afaka mahita tatitra mahakasika ny kilasy momba ireo fanontaniana izay betsaka indrindra no tsy nahavaly azy ianareo. Ilay logiciel ihany koa dia hampiditra ho azy ny zava-baovao mombamomba ny mpianatra ao amin'ny WISE.

Ilay logiciel fampiofanana dia misy amin'ireto fiteny manaraka ireto: Sinoa, Anglisy, Frantsay, Alemà, Italiana, Japôney, Kôreana, Pôrtogey, Rosiana, ary Espaniôla.

# Fikarakarana ireo mpianatra manana fahasembanana

Ny tanjon'ny fanamboarana ny fitaovana sy zavatra hafa mahakasika ny fitsapam-pahaizana dia ny hanomezana fahafahana an'ireo mpianatra mila zavatra manokana, na manana fahasembanana na manana olana ara-pahasalamana, handray anjara amin'ny fitsapam-pahaizana mitovy amin'ny ataon'ireo mpianatra hafa. Ny mpampianatra dia tokony hanao fikarakarana mifanaraka amin'ireo zavatra manokana ilain'ny mpianany, na fahasembanana na olana ara-pahasalamana izay manjo ny mpianany. Ireto misy torolalana izay tsara arahina rehefa mikarakara ny mpianatrao ianao:

1. Jereo ny mpianatra izay mety mila zavatra manokana na manana fahasembanana. Miresaha mitokana amin'ny mpianatra tsirairay mba hahafantarana ny zavatra ilainy manokana. Mihainoa tsara ary jereo ny lafy tsarany. Azonao atao ny miresaka amin'ny ray aman-drenin'ireo mpianatra ireo na amin'ny mpitarika azy ireo ao am-piangonana mba hanampiana anao hahatakatra bebe kokoa ny zavatra ilainy manokana.

2. Manaova drafitra iray mifototra amin'ny resaka nifanaovanareo izay mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ilay mpianatra manokana.

3. Ampiharo ny fikarakarana. Tokony hijanona ho tsiambaratelo ny fikarakarana atao amin'ny isam-batan'olona. Tsy ho voatanisa mihitsy ireo fikarakarana rehetra izay azo atao kanefa ireto kosa misy ohatra maromaro amin'izany:

   **Fomba fanazavana:** Omeo ny horonam-peo mirakitra ilay fitsapam-pahaizana ny mpianatra, ataovy am-bava ny fanazavana ny torolalana sy ny fitsapam-pahaizana na omeo ilay kiboky misy ny fitsapam-pahazaina amin'ny tarehintsoratra vaventy ny mpianatra (jereo ny tranonkalan'ny fitsapam-pahaizana ahitana ny endrika samihafa isehoan'ilay fitsapam-pahaizana).

   **Toerana:** Omeo toerana manokana ilay mpianatra ao an-dakilasy, omeo toerana izay tsy dia be mpanelingelina loatra izy na tanteraho miaraka amina vondron'olona kely na any amin'ny efitra hafa ilay fitsapam-pahaizana.

   **Fotoana fanaovana ilay fitsapam-pahaizana:** Tanteraho mandritra ny fotoam-pianarana maromaro na mandritra ny andro maromaro ny fitsapam-pahaizana, ovaovao ny filaharana anaovan'ny mpianatra ny fizarana sasany amin'ilay fitsapam-pahaizana, tanteraho amin'ny ora manokana ao anatin'ny andro iray ny fitsapam-pahaizana na omeo fotoana lavalava ny mpianatra hamitana ilay fitsapam-pahaizana.

   **Valiny:** Avelao ny mpianatra hilaza am-bava ny valim-panontaniana nosafidiny, avelao hotononina amin'ny mpitantsoratra iray na raketina amin'ny fandraisam-peo iray ny valiny na avelao ny mpianatra hanisy marika ny valim-panontaniana ao amin'ny kiboky misy ny fitsapam-pahaizana fa tsy eo amin'ny taratasy iraketana ny valim-panontaniana.

4. Sorohy ny fikarakarana izay manova na mampihena ny zavatra antenaina amin'ny fianaran'ny mpianatra.
5. Manàna fitiavana tahaka ny an'i Kristy ho an'ny mpianatra tsirairay avy, ary araho ny bitsiky ny Fanahy eo am-panaovanao ny fikarakarana mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ny mpianatra.
6. Tsidiho ity tranonkalan'ny Fiangonana ity mba hahitana fampahafantarana ankapobeny bebe kokoa momba ny fanampiana ireo olona manana fahasembanana: lds.org/topics/disability.

# Tari-dalana

# Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1–75 sy Joseph Smith—Tantara



**Fanontaniana momba ny fifehezana fotopampianarana:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana.

- Joseph Smith—Tantara 1:15–20
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:30
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:37–38
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2–3
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–11
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:15–16
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:4–6
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:10–11
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:11
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:15–17
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58: 42–43
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9–11

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo trangan-javatra na tantara manan-danja manodidina ny andinin-tsoratra masina iray manokana sy manome fampahalalana momba izany.

- Ny fijoroana ho vavolombelona azon'i Oliver Cowdery fa avy amin' Andriamanitra ny asan'i Joseph Smith (jereo ny FF 6:22–23)
- Ny fahaverezan'ireo sora-tanana 116 pejy sy ny fitsipika nianaran'i Joseph Smith (jereo ny FF 3; 10)

- Ireo fahamarinana ianarana avy amin'ny Fahitana Voalohany (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:11–20)
- Ny fifanesena ara-bani-potoan'ireo trangan-javatra manan-danja amin'ny ankapobeny: ny Fahitana voalohany, i Joseph Smith nahazo ireo takela-bolamena, ny famerenana amin'ny laoniny ny fisoronana, ny fanorenana ny Fiangonana, ary ny fifindra-monina tany Kirtland, Ohio.
- Ireo iraka izay namerina tamin'ny laoniny ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka (jereo ny FF 13; Joseph Smith—Tantara 1:72)
- Ny ivon-toeran'i Ziona sy ny hevitra fonosin'ny teny hoe *Ziona* (jereo ny FF 57; *Miorim-paka ao amin'ny finoana: Boky fanovozan-kevitra mikasika ny filazantsara* [2004], 184–85)

**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe nampianarina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.

- Ireo fitsipika mifehy ny fanambarana: mandray fanambarana (jereo ny FF 9:7–9), mamantatra ny fanambarana (jereo ny FF 8:1–5), manavaka ny fanambarana tena izy amin'ireo hevitra diso (jereo ny FF 50:10–36), ary mahatakatra fa ny mpaminany dia mandray fanambarana mba hitarihana ny Fiangonana ary ireo izay manana antso dia mandray fanambarana ho an'ny andraikitr'izy ireo (jereo ny FF 28:1–7)
- Ny antony maha-ilay hany fiangonana marina sy velona Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany (jereo ny FF 1:30; 18:1–5; 27:5–14; 33:1–6)
- Ny zavatra ampianarin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (jereo ny FF 29:30–45), batisa (jereo ny FF 20:72–; 22:1–4), ny fanasan'ny Tompo (jereo ny FF 20:77, 79; 27:1–2), fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy (jereo ny FF 46:8–26), fanambadiana (jereo ny FF 49:15–17), fiomanana amin'ny Fiaviana Fanindroany (jereo ny FF 45:32, 39, 57), soratra masina (jereo ny FF 68:2–4), ny lalàn'ny fanokanana (jereo ny FF 42:30–42), ary ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny FF 20:8–12)
- Ny anjara asan'ny Mpaminany Joseph Smith ao anatin'ny fotoampitantanana farany (jereo ny FF 27:5–14; 65:2)
- Ny anjara asan'ny mpaminany amin'ny fandraisana fanambarana ho an'ny Fiangonana (jereo ny FF 21:1, 4–6; 28:2, 6–7; 43:1–7)

**Andian-teny fototra:** Mahatakatra ny dikan'ireo andian-teny fototra.

- Fiainana mandrakizay (jereo ny FF 14:7; 20:17–28; 29:22–29; 66:4–13)
- Tsy fahafatesana (jereo ny *Miorim-paka ao amin'ny finoana,* 199)
- Ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizay (jereo ny FF 66:2)
- Ny Apôstazia lehibe sy ny fihemoran'ny isam-batan'olona (jereo ny *Miorim-paka ao amin'ny finoana,* 14–15)
- Fahafatesana ara-panahy (jereo ny FF 29:40–41)

# Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76–Filazana Ofisialy 2



**Fanontaniana momba ny fifehezana fotopampianarana:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana.

- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20–22
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–21
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:8
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36, 41–42
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22–23
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1-4
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:3

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo trangan-javatra na tantara manan-danja manodidina ny andinin-tsoratra masina iray manokana sy manome fampahalalana momba izany.

- Ireo iraka izay namerina tamin'ny laoniny ny fanalahidin'ny fisoronana sasantsasany tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin'ny Tempolin'i Kirtland (jereo ny FF 110:11–16)
- Ireo fitsipika nianaran'ny Mpaminany Joseph Smith mikasika ny fitsapana raha mbola tao amin'ny Fonjan'i Liberty izy (jereo ny FF 122:7)
- Ireo toerana lehibe nivondronan'ny Olomasina teo aloha (jereo ny FF 124, sasintenin'ny fizarana; FF 136, sasintenin'ny fizarana, 1–18)
- Ny fanorenana ny Fikambanana Ifanampiana (jereo ny *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'œuvre de la Société de Secours* [2011], 3–8)
- Ny namoahana ny Voahangy Lafo Vidy (jereo ny Teny fanolorana ny Voahangy Lafo Vidy)

**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe nampianarina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.


- Ny fianianana sy ny fanekempihavanan'ny fisoronana (jereo ny FF 84:33–44), fitsanganana amin'ny maty sy ireo fanjakam-boninahitra (jereo ny FF 88:14–24), ny Tenin'ny fahendrena (jereo ny FF 89), mpitily eo amin'ny tilikambo (jereo ny FF 101:43–62), filankevi-pifehezan'ny Fiangonana (jereo ny FF 102; *Miorim-paka ao amin'ny finoana: Boky fanovozan-kevitra mikasika ny filazantsara* [2004], 36–37), ny fotoana hanamarinana ny fampakarana vady maro (jereo ny FF 132:45, 48), ary ny fahafolonkarena (jereo ny FF 119)
- Asa atao any amin'ny tempoly (jereo ny FF 109; 110), manatanteraka ôrdônansy ho an'ireo razambentsika (jereo ny FF 128:15), ary mitory ny filazantsara any amin'ny tontolon'ny fanahy (jereo ny FF 138:29–32)
- Mahazo fanjakam-boninahitra iray sy mahazo ny fisandratana any amin'ny fanjakana selestialy (jereo ny FF 76:30–70; 131:1–4; 137:10)
- Ireo fahamarinana ampianarina ao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" (jereo ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,"*Liahona,* nôv. 2017, 145)
- Ny anjara asan'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahamarinana, ireo ôrdônansy ary ny fisoronana (Jereo ny FF 135:3)
- Fanambarana lazaina ao amin'ny Filazana Ofisialy 2
- Fifandimbiasan-toerana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany rehefa misy mpaminany maty (jereo ny FF 107:23–24)
- Ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain'ny fanambadiana (jereo ny FF 132:19–21)

**Andian-teny fototra:** Mahatakatra ny dikan'ireo andian-teny fototra.

- Mandray fanafiana masina ao amin'ny tempoly (jereo ny FF 95:8; 109:22–23)

# Testamenta Taloha: Genesisy–Rota

**Fanontaniana momba ny soratra masina fehezina:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina.



- Mosesy 1:39
- Mosesy 7:18
- Abrahama 3:22–23
- Genesisy 1:26–27
- Genesisy 2:24
- Genesisy 39:9
- Eksodosy 19:5–6
- Eksodosy 20:3–17
- Josoa 24:15

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo tantara, olona, vanim-potoana ary tandindona manan-danja.

- Ny hafatra manan-danja indrindra ao amin'ny Testamenta Taloha sy izay tena asehon'ireo tandindona, lalàna, sary ohatra, faminaniana, ary zava-nitranga ao amin'ny Testamenta Taloha (jereo ny Mosesy 5:7–8; Môsià 3:13–15)
- Ny tandindona asehon'ny rà teo amin'ny tataom-baravarana (jereo ny Eksodosy 12:21–23), ny menarana varahina (jereo ny Nomery 21:8–9; Almà 33:19–22), ary i Abrahama izay nangatahina hanao sorona an'i Isaka (jereo ny Genesisy 22:10–12; Jaona 3:16)
- Ny zavatra fantatr'i Mosesy ka nanampy azy handresy an'i Satana (jereo ny Mosesy 1:4–7, 13)
- Ireo didy nomena an'i Adama sy i Eva tao amin'ny Saha Edena (jereo ny Mosesy 2:26–30; 3:16–17)
- I Noa sy ny Safodrano: ny fomba azo handraisana ilay Safodrano ho toy ny fitahiana ho an'ireo fanahy izay tsy mbola teraka sy ho an'ireo olombelona ratsy fanahy niaina tamin'ny andron'ny Safodrano (jereo ny Mosesy 8:22–30; 2 Nefia 26:24; *Testamenta Taloha: Boky fandalinana ho an'ny mpianatra seminera amin'ny fandaharam-pianarana any an-trano* [2015], 38)
- Jakoba sy Esao: ireo safidy nataon'i Esao izay nampiseho fa notsinontsinoaviny ny fizokiany (jereo ny Genesisy 25:29–34; 26:34–35; *Testamenta Taloha: Boky fandalinana,* 65–66)

- Josefa namidy tany Egypta: ireo lesona nianarana mikasika ny fitsapana (jereo ny Genesisy 45:7–8; 50:20–21)
- Ny antso nomena an'i Mosesy mba hanafaka an'i Isiraely: ny zavatra nolazain' Andriamanitra an'i Mosesy mba hanampiana azy handresy ny ahiahiny (jereo ny Eksodosy 3:12, 17)
- Ireo lesona manan-danja nianarana avy amin'ny naha-tany an-tany foana an'i Isiraely: ny zavatra nomen'ny Tompo an'i Isiraely isan'andro mba hahatsiarovana Azy (jereo ny Eksodosy 16:4–5), ireo fitahian'ny tabernakely (jereo ny Eksodosy 25:8, 22; 29:43–46), ny fomba nampitodihan'ireo sorona noresahina tao amin'ny bokin'i Levitikosy an'i Isiraely tany amin'i Jesoa Kristy (jereo ny Levitikosy 1:3–9; 4:20–31; 16:21–22), ary ny fihetsika nasetrin'i Kaleba sy Josoa an'ilay "tatitra ratsy" (jereo ny Nomery 14:7–9)
- Ireo lesona nianarana avy tamin'ny fidirana tao amin'ny tany nampanantenaina sy ny fakana an'i Jeriko (jereo ny Josoa 6)
- Ny fifanesen'ny zava-niseho ara-banim-potoana amin'ny ankapobeny momba ireo mpaminany fototra: Adama, Enôka, Noa, Abrahama, ary Mosesy (jereo ny "Vanim-potoana" ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina; jereo koa ny LDS.org)
- Ireo olona manan-danja ao amin'ny ampahany voalohany ao amin'ny Testamenta Taloha: Adama, Eva, Mosesy, Enoka, Noa, Abrahama, Lota, Saraha, Isaka, Rebeka, Jakoba, Rahely, Esao, Josefa, Arona, Kaleba, Josoa, Balama, Samsona, Gideona, ary Rota

**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe nampianarina ao amin'ny Testamenta Taloha.

- Ny anjara asan'i Jesoa Kristy tamin'ny Fahariana (jereo ny Mosesy 1:32–33)
- Ireo fitsipika mifandray amin'ny Fahalavoana: ny zavatra natao tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana mba handresena ny Fahalavoana (jereo ny Mosesy 4:2), ireo toe-javatra niainana taorian'ny Fahalavoana (jereo ny Mosesy 3:17; 4:11; 5:2; 6:48; 2 Nefia 2:22–23), ary ny zavatra nianaran'i Adama sy i Eva momba ny Fahalavoana taorian'ny nitrangan'izany (jereo ny Mosesy 5:9–11)
- Ireo fotopampianarana momba ny fahaterahana indray (jereo ny Mosesy 6:59), ny fanekempihavanan'i Abrahama (jereo ny Abrahama 1:19; 2:6–11; Genesisy 17:1–7), ary ny fibebahana marina (jereo ny *Ancrés dans la foi: Manuel de référence sur l'évangile* [2004], 148–52)
- Ny zavatra nianaran'i Enôka momba ny toetran' Andriamanitra sy Satana (jereo ny Mosesy 7:26–30)
- Lesona nianarana momba ny fianakaviana sy ny fanambadiana avy ao amin'ny Testamenta Taloha: ny antony maha-tendrin'Andriamanitra ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray (jereo ny Mosesy 3:18–25), ireo fitahiana natokana ho an'ireo olona mijanona ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataon'izy ireo tany amin'ny tempoly (jereo ny Genesisy 28:1–22; *Testamenta Taloha: Boky fandalinana,* 67–69), ny fifandraisan'ny mpivady (jereo ny Mosesy 3:18–25; Genesisy 2:24), ireo didy nomen'Andriamanitra

an'ireo mpivady (jereo ny Mosesy 2:26–28), ary ireo didy nomen'Andriamanitra an'ireo ray aman-dreny (jereo ny Mosesy 6:1, 5–6, 23)

**Andian-teny fototra:** Mahatakatra ny dikan'ireo andian-teny fototra.

- Mpahita nofinidy (jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 50:26–27 [ao amin'ny torolalana ho an'ny soratra masina]; 2 Nefia 3:6–7)

# Testamenta Taloha: 1 Samoela–Malakia



**Fanontaniana momba ny soratra masina fehezina:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina fehezina.

- 1 Samoela 16:7
- Salamo 24:3–4
- Salamo 119:105
- Salamo 127:3
- Ohabolana 3:5–6
- Isaia 1:18
- Isaia 5:20
- Isaia 29:13–14
- Isaia 53:3–5
- Isaia 58:6–7
- Isaia 58:13–14
- Jeremia 1:4–5
- Ezekiela 37:15–17
- Amosa 3:7
- Malakia 3:8–10
- Malakia 3:23–24

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra sy ny votoatiny:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo tantara manan-danja sy fitsipika mifandray amin'izany.

- Samoela sy Ely: ny zavatra ampianarin'ny traikefa niainan'i Samoela momba ny fianarana mamantatra ny feon'ny Tompo (jereo ny 1 Samoela 3:4–10)
- Ireo antony nanirian'i Isiraely hahazo mpanjaka iray (jereo ny 1 Samoela 8:6–7, 19–20)
- Davida sy Goliata: ny zavatra nianteheran'i Davida mba handresena an'i Goliata (jereo ny 1 Samoela 17: 37, 45–47)
- Ny nihazonan'i Oza ilay fiaran'ny fanekena tsy hianjera: ny lesona nianarana momba ny fitarihana na ny fanitsiana ny asan'Andriamanitra kanefa tsy manana fahefana (jereo ny 2 Samoela 6:3–7)

- Davida sy Batseba: lesona nianarana momba ny fialana amin'ireo fakam-panahy sy ny famehezana ireo faniriana feno fahavetavetana (jereo ny 2 Samoela 11:1–5)
- Ny fanambadian'i Solomona vehivavy tsy Isiraelita: ireo vokatry ny fanambadiana ivelan'ny fanekempihavanana (jereo ny 1 Mpanjaka 11:3–6)
- Elia sy ilay vehivavy mpitondratena tao Zarefata: ny zavatra nataon'ilay vehivavy mpitondratena mba hiasa amim-pinoana (jereo ny 1 Mpanjaka 17:9–16)
- Elia sy ny fifaninana nataony tamin'ireo mpaminanin'i Bala: ireo lesona nianarana momba ny herin'Andriamanitra (jereo ny 1 Mpanjaka 18:26–29, 36–39)
- Namàna: ireo lesona nianarana momba ny fanarahana ny mpaminany (jereo ny 2 Mpanjaka 5:9–10, 13–14)
- Fanorenana indray ny tempolin'i Jerosalema: ireo lesona nianarana avy amin'ny fifanoherana (jereo ny Ezra 4:4–5; 5:1–5; 6:1–3, 7–8, 14)
- Estera: lesona momba ny herim-po (jereo ny Estera 3:6; 4:8, 11, 14; 5:1–2; 7:3–6)
- Joba: lesona nianarana momba ny fitsapana (jereo ny Joba 13:13–16)
- Daniela: ireo fahamarinana nianarana avy amin'ny zavatra niainany tao amin'ny lapan' ny mpanjaka (jereo ny Daniela 1:3–20)
- Ny nofin'ny Mpanjaka Nebokadnezara: ireo fahamarinana nianarana momba ny fanjakan'Andriamanitra (jereo ny Daniela 2:34–35, 44–45; F&F 65:2)
- Sadraka sy Mesaka ary Abednego: lesona nianarana momba ny finoana (jereo ny Daniela 3:14–18)


**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe nampianarina ao amin'ny Testamenta Taloha.

- Fitahiana azo avy amin'ny fitsaohana any amin'ny tempoly (jereo ny 1 Mpanjaka 8:37–40; jereo koa ny Torolalana ho an'ny soratra masina, "Tempoly") sy ny fahatongavana ho mpamonjy ao an-Tendrombohitra Ziona (jereo ny Obadia 1:17, 21; jereo koa ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 473)
- Ireo toe-javatra iainana mandritra ny Arivotaona (jereo ny Isaia 65:21–25)
- Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy: ny fomba hijoroan'ny Testamenta Taloha ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny tandindona, ny tantara, ny mpaminany ary ny andinin-tsoratra masina fehezina (jereo ny Mosesy 6:63; jereo koa ny Môsià 3:15)

**Ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina:** Mahatakatra ny hevitra fonosin'ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina sy ny lanjan'izany.

- "Efa vitako tombo-kavatsa eo am-pelatànako hianao" (Isaia 49:16)
- "Handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho" (Joela 3:1)

# Testamenta Vaovao: Matio–Jaona



**Fanontaniana momba ny fifehezana fotopampianarana:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina hifehezana fotopampianarana.

- Matio 5:14–16
- Matio 11:28–30
- Matio 16:15–19
- Matio 22:36–39
- Lioka 24:36–39
- Jaona 3:5
- Jaona 7:17
- Jaona 14:15
- Jaona 15:16
- Jaona 17:3

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra sy ny votoatiny:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo tantara manan-danja sy fitsipika mifandray amin'izany.

- Natao batisa i Jesoa: Ireo fahamarinana nianarana momba ny Andriamanitra (jereo ny Matio 3:16–17)
- Nalaina fanahy i Jesoa: lesona nianarana momba ny fandresena ny fakam-panahy (jereo ny Matio 4:3–11)
- Niantso ny Apôstôliny Roambinifolo i Jesoa: ny zavatra azon'ireo Apôstôly taorian'ny niantsoana azy ireo (jereo ny Matio 10:1–4)
- Nandeha teo ambonin'ny rano i Petera: lesona nianarana momba ny fandresena ny tahotra sy ny ahiahintsika (jereo ny Matio 14:28–31)
- Ilay fanaon-drazana mikasika ny fanasana tanana: lesona nampianarin'i Jesoa mikasika ireo zavatra izay mandoto antsika (jereo ny Matio 15:10–20)
- Ny fijoroana ho vavolombelona nananan'i Petera: lesona nianarana momba ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona (jereo ny Matio 16:13–19)
- Ny fampianaran'ny Tompo momba ny fanambadiana: lesona nianarana momba ny fanambadiana (jereo ny Matio 19:3–9)
- Toromarika nomen'ny Mpamonjy an'ireo Apôstôly taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty (jereo ny Matio 28:19–20)

- Nanoro hevitra ilay tovolahy manan-karena i Jesoa: fahamarinana izay hanampy antsika hahazo ny fiainana mandrakizay (jereo ny Marka 10:17–22)
- Fantaro hoe iza ilay iraka izay nalefa mba hanomana ny lalana ho an'i Jesoa Kristy (jereo ny Lioka 7:27–28).
- Ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy: fahamarinana iray izay afaka manampy antsika hahazo ny fiainana mandrakizay (jereo ny Lioka 10:25–37)
- Ny fanoharana momba ilay ondry very, ilay farantsakely very, ary ilay zanaka adala: lesona nianarana momba ny fanampiana ny hafa izay very (jereo ny Lioka 15)
- Nampianatra an'i Nikodemosy mikasika ny zavatra ilaina mba hateraka ara-panahy indray ny Mpamonjy (jereo ny Jaona 3:3–5).
- Fantaro hoe iza Jehovah, ilay Andriamanitry ny Testamenta Taloha (jereo ny Jaona 8:56–58).
- Ny fanoharana an'i Jesoa Kristy ho toy ny mpiandry ondry (jereo ny Jaona 10:11–15)
- Nanasa ny tongotry ny Apôstôly i Jesoa: lesona nianarana momba ny asa fanompoana (jereo ny Jaona 13:12–17)
- Ny fomba ahafahantsika maneho ny fitiavantsika ny Mpamonjy (jereo ny Jaona 14:15)
- Ireo anjara asan'ny Fanahy Masina (jereo ny Jaona 16:13; jereo koa ny Jaona 14:26)
- Zavatra nampianarin'ny Mpamonjy fa tena ilaina mba hahazoana ny fiainana mandrakizay (jereo ny Jaona 17:3)
- Ny zavatra nataon'ny Mpamonjy mba handresena ny fahafatesana (jereo ny Jaona 20:17–20; jereo koa ny Jaona 5:26)

**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe izay ampianarina ao amin'ny Testamenta Vaovao.

- Ny fanarahana ny fampianarana sy ny didin'i Jesoa Kristy dia manampy antsika ho lasa tahaka ny Raintsika any An-danitra (jereo ny Matio 5:48).
- Miomana amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany (jereo ny Joseph Smith—Matio 1:38–54)
- Ireo antony handraisana ny fanasan'ny Tompo (jereo ny Matio 26:26–28; Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 26:22, 24–25 [ao amin'ny Bible appendix na ny Torolalana ho an'ny soratra masina, scriptures.lds.org])
- Ireo tanjona nanaovana ny andro Sabata (jereo ny Marka 2:23–3:6)
- Ny fomba hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny fotopampianarana nampianarin'i Jesoa Kristy (jereo ny Jaona 7:16–18)

- Afaka manazava ny anjara asan'i Jesoa Kristy ao amin'ny drafitry ny famonjena sy manome ireo antony nahatonga Azy ho ilay hany afaka nanao ny Sorompanavotana.
- Afaka manazava ny antony ilàna ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny vokany.
- Afaka mizara ireo fahamarinana nianaranao izay nanampy anao hanakaiky bebe kokoa an'i Jesoa Kristy.
- Afaka manome ohatra mikasika ny zavatra ataonao amin'ity taom-pianarana ity mba hanakaiky kokoa an'i Jesoa Kristy.

**Ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina:** Mahatakatra ny hevitra fonosin'ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina sy ny lanjan'izany.

- Mahatakatra andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina izay mamaritra ny fijalian'ny Mpamonjy tao Getsemane (jereo ny Matio 26:38–39; Marka 14:32–34).

# Testamenta Vaovao: Asan'ny apostoly–Apokalypsy



**Fanontaniana momba ny fifehezana fotopampianarana:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina hifehezana fotopampianarana.

- Asan'ny apostoly 3:19–21
- 1 Korintiana 2:5, 9–11
- 1 Korintiana 6:19–20
- 1 Korintiana 11:11
- 1 Korintiana 15:20–22
- 1 Korintiana 15:40–42
- Efesiana 2:19–20
- Efesiana 4:11–14
- 2 Tesaloniana 2:1–3
- 2 Timoty 3:15–17
- Hebreo 12:9
- Jakoba 1:5–6
- Jakoba 2:17–18
- 1 Petera 4:6
- Apokalypsy 20:12

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra sy ny votoatiny:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo tantara manan-danja sy fitsipika mifandray amin'izany.

- Ny Apôstôly Petera mampianatra ny filazantsara amin'i Kornelio: lesona nianarana mikasika ireo fahamarinana noraisina avy amin' Andriamanitra (jereo ny Asan'ny apostoly 10:28–35, 44–48)
- Ny Apôstôly Paoly mampianatra ny Mpanjaka Agripa: ny zavatra ilaina mba hahatongavana ho miova fo ho an'i Jesoa Kristy (jereo ny Asan'ny apostoly 26:26–29)
- Ny tandindona asehon'ny batisa (jereo ny Romana 6:3–6)
- Ny zavatra nampianarin'ny Apôstôly Paoly mikasika ny vatantsika (Jereo ny 1 Korintiana 6:19–20), ny fifandraisan'ny mpivady (Jereo ny 1 Korintiana 11:11), ny zavatra izay hanampy antsika handresy ireo loza mitranga amin'izao

androntsika izao (Jereo ny 2 Timoty 3:15–17), sy ny fomba handresena ireo fitsapana (jereo ny Hebreo 12:2–4)

- Ireo ohatra amin'ny vokatry ny Fanahy (jereo ny Galatiana 5:22–23)
- Ireo fahamarinana mikasika ny fahasoavana sy ny asa (Jereo ny Efesiana 2:7–10; Jakoba 2:17–18)
- Ny anjara asan'ireo mpaminany sy apôstôly (jereo ny Efesiana 4:11–14)
- Ireo fitahiana avy amin'ny fitafiana manontolo ireo fiadian' Andriamanitra (jereo ny Efesiana 6:11–13)
- Ny fomba nanatanterahan'ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha ireo fahagagana (jereo ny Hebreo 11)
- Ireo fahamarinana izay nanampy ireo olo-marina nandresy an'i Satana tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana (jereo ny Apokalypsy 12:11)

**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe izay ampianarina ao amin'ny Testamenta Vaovao.

- Ny fotoana nanombohan'ireo mpaminany naminany momba ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara (Jereo ny Asan'ny apostoly 3:21)
- Ireo fitahiana avy amin'ny fahatakarana fa isika dia taranak' Andriamanitra (Jereo ny Asan'ny apostoly 17:28)
- Ny zavatra ilaina mba hahafeno ny ôrdônansin'ny Batisa (jereo ny Asan'ny apostoly 19:2–6)
- Ny zavatra ilaina mba ho afa-tsiny amin'ny fahotana (Jereo ny Romana 3:24–26; jereo koa ny Môrônia 10:32–33)
- Ireo fitahiana amin'ny maha-fanahy zanaky ny Raintsika any An-danitra (Jereo ny Romana 8:16–18)
- Ny fomba hahatakarana ireo zavatr' Andriamanitra (jereo ny 1 Korintiana 2:10–11, 14)
- Ny zavatra azo tanterahana noho ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty (jereo ny 1 Korintiana 15:20–22)
- Fahatakarana mikasika ny fitantanana ny fotoam-pahafenoana: ny momba izany sy ny zavatra hita ao anatiny (jereo ny Efesiana 1:10)
- Ilay voalohan-teraky ny Ray any An-danitra tamin' ireo zanany ara-panahy, ilay Mpahary ny zavatra rehetra, ny lohan'ny Fiangonana, ary ilay nitsangana tamin'ny maty voalohany (Jereo ny Kolosiana 1:12–19)
- Ireo fahamarinana momba ny fiomanana amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany (1 Tesaloniana 5:1–6)
- Ireo fahamarinana momba an'i Jesoa Kristy: Ny anjara asany sy ny toetoetrany (jereo ny Hebreo 1:1–3)
- Ireo fahamarinana izay mifehy ny olona mandray ny fisoronana (jereo ny Hebreo 5:4)

- Ny zavatra azontsika atao rehefa tsy manana fahendrena isika (jereo ny Jakoba 1:5–6)
- Ny fotopampianaran'ny famonjena ho an'ny maty: ny antony hitoriana ny filazantsara amin'ireo efa nodimandry (jereo ny 1 Petera 4:6)

**Ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina:** Mahatakatra ny hevitra fonosin'ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina sy ny lanjan'izany.

- "Alahelo araka an' Andriamanitra" (2 Korintiana 7:10; jereo koa ny *Ancrés dans la foi: Manuel de référence sur l'évangile* [2004], 150)
- "Andro fampodiana ny zavatra rehetra" (Asan'ny apostoly 3:21; jereo koa ny Asan'ny apostoly 3:19–21)
- "Fitantanana ny fotoam-pahafenoana" (Efesiana 1:10; jereo koa ny F&F 128:18; Torolalana ho an'ny soratra masina, "Fotoampitantanana")

# Bokin'i Môrmôna: 1 Nefia 1–Almà 16



**Fanontaniana momba ny fifehezana fotopampianarana:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina hifehezana fotopampianarana.

- 1 Nefia 3:7
- 2 Nefia 2:22–25
- 2 Nefia 2:27
- 2 Nefia 26:33
- 2 Nefia 28:30
- 2 Nefia 32:3
- 2 Nefia 32:8–9
- Môsià 2:17
- Môsià 2:41
- Môsià 3:19
- Môsià 4:9
- Môsià 18:8–10
- Almà 7:11–13

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra sy ny votoatiny:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo tantara manan-danja sy fitsipika mifandray amin'izany.

- Ny vavolombelona masina iray an'ny Bokin'i Môrmôna izay hanampy ny olona iray hahafantatra (jereo ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna, andiam-pehezan-teny faha-8–9)
- Ny fikasana fototra nananan'ireo mpanoratra ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny 1 Nefia 6:4–6; 2 Nefia 25:23)
- I Nefia mahazo ireo takela-barahina: lesona nianarana momba ny fankatoavana (jereo ny 1 Nefia 3:7)
- Miverina miaraka amin'ny fianakavian'i Ismaela ireo zanakalahin'i Lehia: lesona nianarana momba ny fanambadiana (jereo ny 1 Nefia 7:1–5)
- Mamorona ireo takela-barahina i Nefia: lesona nianarana momba ny fitandremana ny didy (jereo ny 1 Nefia 9:3, 5–6; F&F 10:38–45)
- Ny zavatra manjary afaka ho azon'ny olona rehetra noho ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny 1 Nefia 13:26–29, 39–42)

- Ny Liahona: lesona nianarana momba ny fahazoana fitarihana avy amin'Andriamanitra (jereo ny 1 Nefia 16:27–29)
- Ny zavatra ampianarin'ny Bokin'i Môrmôna mikasika ny Mpaminany Joseph Smith (jereo ny 2 Nefia 3:6–8, 15, 24)
- Ireo faminaniana mikasika ny fomba fihetsika hasetrin'ny olona an'ireo mpaminany amin'ny andro farany (jereo ny 2 Nefia 27:1–5)
- Faminaniana mikasika ny fomba handikan'i Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny 2 Nefia 27:6–23)
- Ny zavatra tsapan'ny Tompo momba ny fahadiovam-pitondrantena (jereo ny Jakôba 2:22–35)
- Ny fampianaran'ny Mpanjaka Benjamina momba ireo fitahiana azo noho ny fitandremana ny didy (jereo ny Môsià 2:41)
- Ny vokatry ny fanaisorana ny maha-olona araka ny nofo (jereo ny Môsià 3:19)
- Ny zavatra fantatr'ireo mpahita (jereo ny Môsià 8:13–17)
- Ny fankahalan'ny Lamanita ny Nefita: lesona nianarana momba ny famelan-keloka (jereo ny Môsià 10:12–18)
- Ny fanandevozana an'i Almà sy ny vahoakany: lesona nianarana momba ny fitsapana (jereo ny Môsià 23:20–24; 24:16–21)
- Ny andraikitra voalohany sahanin'ireo mpihazona ny fisoronana Melkizedeka (jereo ny Almà 13:1–12)

**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe nampianarina tao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

- Ny atao hoe safidim-pitondrantena sy ny fomba hiarahan'izany tsara amin'ny drafitry ny famonjena (jereo ny 2 Nefia 2:5, 14–16, 27–29)
- Ny anjara asan'i Jesoa Kristy ao amin'ny drafitry ny famonjena (jereo ny 2 Nefia 25:19–20)
- Ny toetran'ny Ray any An-danitra (jereo ny 2 Nefia 26:33)
- Ireo fitsipika mifandray amin'ny fahazoana valim-panontaniana sy valim-bavaka (jereo ny 2 Nefia 28:30)
- Ny antony hanaovana batisa (jereo ny 2 Nefia 31:5–7)
- Zavatra ilaina atao mba hikatsahana ny fahamarinana (jereo ny 2 Nefia 32:3, 8–9)
- Ny zavatra tsapan'ny Tompo momba ny fahadiovam-pitondrantena (jereo ny Jakôba 2:22–35) sy ny fanambadiana (jereo ny Jakôba 2:27, 30)
- Ny loharanon'ny fahamarinana rehetra (jereo ny Môsià 4:9)
- Ny fanekempihavanana natao tamin'ny batisa (jereo ny Môsià 18:9)
- Ny zavatra izay isan'ny niainan'i Jesoa Kristy tamin'ny Sorompanavotana (jereo ny Almà 7:11–13)
- Ny dikan'ny hoe natsangana tamin'ny maty (jereo ny Almà 11:42–43)

- Afaka manazava ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*
- Afaka manazava ny Fahalavoan'i Adama sy Eva sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.
- Afaka manoratra mikasika ny olona iray na manoratra tantara iray avy amin'ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna, izay nisy fiantraikany teo amin'ny fiainanao.
- Afaka mamintina fohy ny fahitana ny hazon'aina, manazava ireo tandindona avy amin'ilay fahitana, ary mizara ny zavatra nianaranao avy amin'ny iray amin'ireo tandindona.

# Bokin'i Môrmôna: Almà 17–Môrônia 10



**Fanontaniana momba ny fifehezana fotopampianarana:** Mahatakatra ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina hifehezana fotopampianarana.

- Almà 34:9–10
- Almà 39:9
- Almà 41:10
- Helamàna 5:12
- 3 Nefia 11:10–11
- 3 Nefia 12:48
- 3 Nefia 18:15, 20–21
- 3 Nefia 27:20
- Etera 12:6
- Etera 12:27
- Môrônia 7:45, 47–48
- Môrônia 10:4–5

**Fanontaniana momba ny sahan-kevitra sy ny votoatiny:** Mahatakatra ny sasantsasany amin'ireo tantara manan-danja sy fitsipika mifandray amin'izany.

- Antia-Nefia-Lehia: lesona nianarana momba ny fahatongavana ho miova fo ho an'ny Tompo (jereo ny Almà 23:5–13)
- Fampitahan'i Almà ny teny amin'ny voa: lesona sy dingana amin'ny fanamafisana orina ny finoantsika (jereo ny Almà 32)
- Ny toetran'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (jereo ny Almà 34:9–10)
- Ny fotoana tsara indrindra hianarana mitandrina ny didin' Andriamanitra (jereo ny Almà 37:35)
- Ny zavatra ilaina mba hanefana ny fitakian'ny fahamarinana (jereo ny Almà 42:15–31)
- Zatovo mpiady roa arivo: lesona nianarana momba ny fankatoavana (jereo ny Almà 57:21)
- Ny vahaolana handresena ny fihodin'ny avonavona sy ny faharinganana (jereo ny Helamàna 11)
- Lesona nianarana avy amin'ny fahatanterahan'ny faminaniana mikasika ny fahaterahan'i Kristy (jereo ny 3 Nefia 1:1–26)

- Ny habetsahan'ireo fotoana hanarahan'i Kristy ny sitrapon'ny Ray any An-danitra (jereo ny 3 Nefia 11:10–11)
- Ny handidina antsika mba hahatongavantsika (jereo ny 3 Nefia 12:48)
- Ny lalana hahazoana ny fiainana mandrakizay (jereo ny 3 Nefia 27:16)
- Ny fanasan'ny Tompo mba hohamasinina (jereo ny 3 Nefia 27:20)
- Ny fampanantenan'ny Tompo mikasika ny fahalementsika (jereo ny Etera 12:27)
- Ny andraikitsika amin'ireo mpikambana hafa ao amin'ny Fiangonana (jereo ny Môrônia 6:4)
- Ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana (jereo ny Môrônia 7:45, 47–48)
- Ny lamina arahana hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny Môrônia 10:3–5)
- Iray amin'ireo mari-pamantarana fa manatanteraka ny fampanantenany hanangona an'i Isiraely amin'ny andro farany ny Tompo (jereo ny 3 Nefia 21:1–11).

**Fotopampianarana sy fitsipika:** Mahatakatra ireo fotopampianarana sy fitsipika lehibe nampianarina tao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

- Ny toetra masin'ny fahefana hanana anaka (jereo ny Almà 39:9)
- Ny dikan'ny hoe natsangana tamin'ny maty (jereo ny Almà 40:21–26)
- Manorina ny fototrao eo amin'i Jesoa Kristy (jereo ny Helamàna 5:12)
- Ny antony tokony hanaovana ny vavaka sy ny fitsofandrano ary ny ôrdônansin'ny fisoronana rehetra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy (jereo ny andiam-pehezan-teny fahatelo ao amin'ny fizarana hoe "Jesoa Kristy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1, "Ny Andriamanitra," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana;* jereo koa ny 3 Nefia 18:15, 20–21; Môrônia 7:28; F&F 45:3–5)
- Ny anjara asantsika amin'ny maha-vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo (jereo ny 1 Nefia 22:9; 3 Nefia 20:27; Torolalana ho an'ny soratra masina, "Fanekempihavanan'i Abrahama"; Abrahama 2:9–11)
- Ny zavatra ilaina mba hitrangan'ny fahagagana eo amin'ny fiainantsika (jereo ny Môrmôna 9:20)
- Ny atao hoe finoana (jereo ny Etera 12:6)
- Ny karazana fisoronana ilaina mba hanomezana ny fanomezana ny Fanahy Masina (jereo ny Môrônia 2:2, fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy *b; Ancrés dans la foi: Manuel de référence sur l'évangile* [2004], 139)
- Ny zavatra ilaina mba hahazoana anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana (jereo ny Môrônia 3)
- Ireo fitahiana nampanantenaina ao amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo (jereo ny Môrônia 4–5)
- Ireo fampanantenana sy fitahiana avy amin'ny fibebahana (jereo ny Môrônia 6:5–9)

- Afaka mizara ohatra mikasika ny fomba nampiasanao ny iray amin'ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* mba hamaliana fanontaniana na hamahana olana iray natrehanao.
- Afaka mizara ny zavatra nianaranao avy amin'ny fandalinana ny famangian'ny Mpamonjy ny Nefita (jereo ny 3 Nefia 11–26).
- Afaka manazava ny drafitry ny famonjena.
- Afaka manoratra mikasika ny olona iray na manoratra tantara iray avy amin'ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna, izay nisy fiantraikany teo amin'ny fiainanao.

NY FIANGONAN' I

# JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02147 32654 6
14732 654